

TORITENY - FETIN'NY NIOVAN'NY TOMPO TAREHY



Ity no Zanako malalako, henoy izy

Ry kristianina havana, amin'izao 06 aogositra izao no ankalazain'ny Eglisy ny fiovan'i Jesoa tarehy teny an-tendrombohitra ka anolorany amintsika sahady amin'izany fankalazana izany : Voalohany ny toetran'i Jesoa rehefa tafatsangan-ko velona izy sy ny faharoa ny toetra miandry antsika, ny fahatelo dia tsy maintsy miombona ao amin'Andriamanitra Ray isika raha miaraka amin'i Jesoa. Ireo vakiteny aroson'ny Eglisy amintsika àry androany dia fantatra fa manampy antsika tokoa hibanjina an'izay fiainana izay. Ny antony dia fantantsika fa havesatra amintsika tahaka ny nahavesarany tamin'ny mpianatra ny hahita an'i Jesoa hifantsika amin'ny hazo fijaliana satria manambara faharesena, manambara ny fahalavoan'i Jesoa ary fantatr'i Jesoa izany.

Vakiteny I : Dn. 7:9-10,13-14,

Salamo : Sal. 97 **Vakiteny II :**

Evanjely : Lk. 9:28b-36,

Izay lalovany no tsy maintsy lalovantsika ihany koa ka mety ho sarotra amintsika ny hiatrika an'izay fitondrana ny hazo fijaliana izay amin'ny lafim-piainantsika maro isan-karazany. Izany indrindra no nitondran'i Jesoa hivavaka ireo mpianatra, ka rehefa nivavaka izy dia niova ny tarehiny ary namirapiratra. Lazain'ny mpanoratra ny Evanjely aza fa tsy azo notsaintsainina mihintsy ny momba ny famirapiratany izay.

Ry Kristianina havana, ilay fiovana tarehy nataon'i Jesoa ho antsika dia manambara fa ao amin'Andriamanitra tokoa isika, noharian'Andriamanitra hitovy endrika aminy isika ary io famirapiratan'ny endrik'i Jesoa io no tsy maintsy endrika hananantsika rehefa miombona Aminy isika ary io ihany koa no endrika hiombonantsika amintsika samy isika. Io no endrintsika raha nahary antsika Andriamanitra, izany no tian'i Jesoa ho tsapantsika. Fantatr'ireo mpianatra telo lahy izay niaraka taminy tamin'io fotoana io izany ka nahitan'izy ireo ny fiovan-tarehy izay niombonany tao amin'Andriamanitra Ray.

Vokatry ny fivavahana izay ary tsy maintsy dingana ho antsika tokoa ao amin'ny fivavahana, tsy maintsy tokony hanampy antsika hiova ho tsara kokoa. Mazava amintsika ny maha lehibe sady marim-pototra ny lohahevitra nofidintsika amin'izao Sinaody tapany voalohany izao : "Fianakaviana Eglisy kely miara-mivavaka mandalina ny finoana". Raha te-hiova isika raha te-hanova ny fiainantsika dia tsy maintsy mametraka ny vavaka eo anivon'ny fiainantsika, ny fiainan'ny fianakaviana, eo anivon'ny fiainan'ny Eglisy. Izay no tian'i Jesoa ambara raha tiantsika ny fiainantsika hiova ; ao amin'Andriamanitra isika, amin'ny alalany sy miaraka aminy ary ao aminy. Ny endri-piaintantsika no tsy maintsy miova ka zary fiainan'ny zanak'Andriamanitra. Tamin'izay indrindra no nisy feon'Andriamanitra Ray nanambara : "Inty ny zanako malalako, henoy izy". Izany indrindra koa ry Kristianina havana, ao anatin'ny fivavahana no henointsika ny tenin'Andriamanitra. Io no mahatonga antsika milaza matetika ry Kristianina havana fa ilaina dia ilaina ny famakiana ny tenin'Andriamanitra. Tsy hoe mamaky "roman" sanatrian'izany isika fa ny dikan'ny hoe mamaky ny tenin'Andriamanitra dia ny mihaino azy ihany koa.

Izay koa ny hafatra nataon'Andriamanitra tamin'ny vahoakany raha izy ireo namakivaky ny tany an'efitra, naniraka azy ireo Andriamanitra : "*Mihainoa ry Israely*". Ny dikan'ny finoana ao amin'ny Baiboly dia ny fihainoana an'Andriamanitra, izany hoe manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra. Raha mihaino ny tenin'Andriamanitra isika ka manatanteraka azy dia miova tokoa ny fiainantsika, miova ho tsara ary dia izay no dikan'izao fankalazana ny fiovan-tarehy izao mba hahatsapantsika ihany koa tahaka ny tian'i Jesoa ambara raha nitondra ireo mpianany izy ka niova tarehy. Hahatsapan'izy ireo sy hahatsapantsika fa ny fihainoana azy, ny fihainoana ny tenin'Andriamanitra ampidirina ao am-po no manova ny fo ho tsara ary mampiova ny fiainantsika ny tenin'Andriamanitra. Raha miova ny fiainantsika dia miova ho tsara ihany koa ny endri-piaintantsika amin'ny ataontsika rehetra. Na dia eo aza ny lalan'ny fiainantsika, ny lalan'ny fijaliana dia izay ny antony voalohany nahatonga an'i Jesoa niova tarehy teo anoloan'ny mpianany satria tsapany fa havesatra amin'izy ireo ny hibanjina azy eo amin'ny hazo fijaliana. Toy izany koa mety mavesatra ho antsika ny hazo fijiliansika nefo ambaran'i Jesoa àry fa raha miova ny fontsika sy ny endri-piaintantsika amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fihainoana ny tenin'Andriamanitra izany hoe "mino isika" dia ho zary tahaka an'i Piera isika izay nilaza hoe "Tsy aleo ve mitoetra aty ?" hanao lay ho an'i Elia, ho an'i Moizy ary ny lay farany izay hahafahana miombona amin'Andriamanitra, nahatsapa izany i Piera. Dieny izao anefa raha mihaino ny tenin'Andriamanitra isika dia miombona amin'ireo mpaminany ireo ka miova ny fiainantsika.

Na dia eo aza ny lalam-piaianana mety manahirana antsika dia aoka handray an'i Kristy isika, hamaky ny tenin'Andriamanitra ary hihaino azy. Raha tafiditra tokoa izany dia hiova ho tsara ny fiainantsika ka hamirapiratra ho zary fahazavana sy fanasina amin'ireo manodidinaantsika isika na dia eo aza ny adim-pianana mety handrendrika antsika. Ho tahaka ny volamena mamirapiratra isika ka ho sambatra ao amin'Andriamanitra satria matoky azy sy mihaino azy isika ary ho Kristianina marina tokoa.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, Enga anie noho ny fahasoavanao tokoa, noho izahay mihaino anao, mino anao, matoky anao dia mba hiova tokoa ny fiainanay ka ny finoanay no zary fanilo manazava ny fiainanay, hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainanay tokoa izahay ka na dia eo aza ny sedram-piaianana maro isan-karazany dia ho soa, hamirapiratra tokoa ny fiainanay. Masina Maria Reny, ianao no modely ho anay amin'ny fahaizana mihaino ny Tenin'Andriamanitra. Tohano ny ezaka ataonay amin'izao Sinaody izao ka ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA, MANDRAY AN-TANANA IZAHAY KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Amen